# vaovaon'i kôminôten'i bambui-bamenda (Kamerona)






Mpiandraikitre ny kôminôte, manampy an'i masera Célestine amin'ny Postulante aho : fantanjahan-tena, asa tànana ary manao sapile miaraka aminy rehefa manam-potona malalaka. Ny talentako miafina ? Manana fanomezana ho an'ny fambolena sy ny fiompiana aho, manjaitra ihany koa…

Ny olana ara politika sy ny poa-basy dia niteraka ahiahy, saingy noho ny fiavavahana sy ny fanatrehan'I Kristy dia tazomiko ny fiadanana sy ny hafaliana. Efa nihatsara ny toe-draharaha nandritra ny iray volana.

Misaotra anareo noho ny fanohanana !




Eto Bambui roa taona izao aho miandraikitra ny fanofanana ny Postulantes sy ny masera tanoran'ny Delegasiôna Kamerona. Manampy azy ireo handalina ny izay maha-izy ny fiaianan'ny Sœurs du Christ….




Avy amin'ny faritra miteny anglisy aho ary mampianatra ny taranja fandalinam-pinoana sy anglisy ao amin'ny Kôlejy Md Paoly Nkwen n'i Bamenda.

Tena nanahirana ny fiatrehana ny taom-pianarana noho ny savorovoro pôlitika mampifanandrina ny faritra roa (miteny frantsay, anglisy) aty Kamerona.

Fa matoky ny Tompo izahay ary te hino fa hisy farany ny krizy…Mamangy marary sy mitondra kômônio ho azy ireo ihany koa aho



Postulante taona voalohany aho , avy amin'ny faritra miteny frantsay. Mianatra teny anglisy aho ary manaraka ny fiofanana ho an'ny postulante miaraka amin'ny Fikambanana hafa.

Sambatra aho mizara ny fiainana sy ny asan'ny kôminôte…. Maro ny zavatra mila fantarina!










Samy mikarakara ny fiompiana kely ny tsirairay avy : akoho 53, bitro 75. Mamboly ihany koa : katsaka, tsaramaso,voatabia, NdjamaNdjama …

Ireo ny santionany vitsivitsy raha te hividy ianareo !



Afaka manampy ireo tena sahirana noho ny krizy ankehitriny izahay amin'ny vokatrin'ny fiompiana kelinay…







Sr Rillindis any am-piasana!

